

**Hita eto fa 90 kilao tokoa ny lehilahy. Fa mahatsapa ve izy fa ho mpitari-pôsin-dry Lalao sy Marc Ravalomanana ihany ? Mamy Rakotoarivelo (Filohan'ny CT, ery aoriana ery eo amin'ny sary) moa dia mpanampy tosika eny ihany**

Tsy nasian'ingahy Ravalomanana resaka mihitsy ilay kandida tohanany mafy dia mafy ( tsindrio eto ). Ka indro ary ny mikasika an'io kandida faha-33 io, dia ny Dokotera Jean Louis Richard Robinson.

« *Ny hazo no vanona ho lakana, ny tany naniriany no tsara* » ! Asa re fa inona loatra no nitranga no dia ninia nikipy ny mason'ireo 23% mahery kely ny mpifidy Malagasy manerana ny Nosy, ka nanome ny fitokisany an'i Dr Jean Louis Robinson tamin'ny fifidianana fihodinana voalohany teo ? Sanatria ve ka niatsampy tamin'ny hazo tsy fantatra ? Fantaro ary ny Tantara marina nisy teto amin'ny firenena, mikasika io kandida laharana faha-33 io. Anjaran'ny tsirairay ny mandinika tsara ka havoaka eto ny porofo rehetra raha ilaina izany. Io lahatsoratra manaraka io dia niala avy tamina fanadiadian'olona maro tany amin'iny faritra Alaotra sy Moramanga iny.

**Jeannot Ramambazafy**



OBAMA Michelle Né(e) ROBINSON Michelle LaVaughn (1964 - )
Epouse de Barack Obama, 44e président des États-Unis

**Tantara afa io ambony io fa manaporofo tokoa fa ny anarany dia tanim-boanjo e !**

Metisy sinoa sy Sihanaka avy ao Ampasikely Ambatondrazaka ny lehilahy. Mizaka ny zom-pirenena frantsay ihany ko izy, ary mpikambana mavitrika ao amin'ny antoko PS (Parti Socialiste) frantsay, izay vao tsy ela akory no nanavao indray ny maha-mpikambana azy ao amin'io antoko io. Izay firehana noheverin'ny maro fa tsy ankasitrahan'i Marc Ravalomanana velively.



[illegible]



[illegible]


www.madagate.com
Jean Louis Robinson

[illegible]



Le Wagon Moramanga

**Musée de la Gendarmerie nationale à Moramanga.** "Wagon Moramanga" Un wagon de marchandises de la compagnie des chemins de fer malgache. Ce wagon est identique à ceux qui furent utilisés pendant les dramatiques évènements de 1947, où plusieurs dizaines de « révoltes » arrêtés dans les environs, furent assassinés par les forces de l'ordre de l'époque…



www.madagate.com